# Ilay Voa Tsara Nafafy 02 Septambra 2018

**2** **Alahady**
septambra

**Mifalia mandrakariva. Mivavaha, ka aza mitsahatra. Misaora amin'ny zavatra rehetra ; fa izany no sitrapon'Andriamanitra ao amin'i Kristy Jesosy ho anareo.** 1 Tesaloniana 5. 16-18

**Ny fifaliana, hira mamakivaky ny Baiboly manontolo**

Ny fifaliana dia hira, hazavana, famirapiratana mipoitra avy ao amin'ny Filazantsara. Hatramin'ny niantombohany, ny finoana kristiana dia nanambara fifaliana. Niredareda tao amin'ireo kristiana voalohany io fifaliana io, ka na ny fanenjehana aza, tsy nahavono azy. Hoy ny apostoly Paoly : „Be hafaliana indrindra [aho] amin'ny fahorianay rehetra" (2 Korintiana 7. 4). Avy aiza io fifalian'ny kristiana voalohany io ? Avy amin'ny ain'Andriamanitra izay raisin'ny mpino tsirairay maimaimpoana. Io no ain'i Kristy, io ilay fiainana mandrakizay. Izany aina izany no niveloman'ny apostoly Paoly, hany ka afaka niteny izy hoe : „Kristy no anton'ny ahavelomako" (Filipiana 1. 21). Io fifaliana io dia fijoroana feno hery ho vavolombelona, toy ny fanilo mamiratra amin'ny alina. Toy izany no tokony ho fiderantsika Ilay Kristy nitsangana tamin'ny maty, Ilay Kristy fahazavana ho an'ireo izay mifanena amintsika ihany koa, ka hahafantatra toa antsika ny tena fifaliana rehefa manatona an'i Kristy amin'ny finoana.

Amin'izao vanimpotoana izao, anjakan'ny fialamboly sy ny fanjifana tsy misy fifehezana, dia olona maro tsy mihaino ny feon'Andriamanitra no tsy afa-po, feno alahelo, ary tsy miraharaha ny hafa. Mifanohitra amin'izany, rehefa mameno ny fo ny hafatry ny Filazantsara, dia manjary „fiainana be dia be" mitobaka amin'ny hafa ny fiainan'i Kristy noraisin'ny mpino. Milaza amintsika aza Jesosy fa misy fifaliana kokoa ny manome noho ny mandray (Asan'ny Apostoly 20. 35). Izany no fifaliana vokatry ny fitiavana. Toy ny soridalan-tsambo, ny fiainantsika dia tokony hamela soritry ny fitiavana sy ny fifaliana. Raha manaiky hotiavin'Andriamanitra isika, dia hahafantatra ny atao hoe faly satria tiana, ary ho faly koa, mitia an'Andriamanitra amin'ny fanompoana Azy sy amin'ny fanasoavana ny olona rehetra.